O rankizy ! Ireto misy teny maromaro hampianariko Anao: Arovy ireo didin'i Tompo Allah dia hiaro Anao Izy; arovy ireo didin'i Tompo Allah dia ho tojonao manatrika Anao Izy; raha hangataka zavatra Ianao dia mangataha amin'i Tompo Allah

Tatitra azo avy tamin'i Abo al-Abbas, Abdollah ibn Abbasy (R.A) no nilaza hoe : Indray andro aho dia tao ambadiky ny irakan'i Tompo Allah, dia hoy Izy hoe : O rankizy ! Ireto misy teny maromaro hampianariko Anao: Arovy ireo didin'i Tompo Allah dia hiaro Anao Izy; arovy ireo didin'i Tompo Allah dia ho tojonao manatrika Anao Izy; raha hangataka zavatra Ianao dia mangataha amin'i Tompo Allah; raha hangata-pitahiana Ianao dia mangataha fitahiana amin'i Tompo Allah; ary fantaro fa na dia hitambatra aza ny vahoaka rehetra ka mba mila hanasoa Anao amin'ny zavatra iray, dia tsy hahavita hanasoa Anao izy ireo afa-tsy amin'izay zavatra efa nosoratan'i Tompo Allah ho azonao; ary raha hitambatra ihany koa izy ireo mba hanisy ratsy Anao amin'ny zavatra iray, dia tsy hahavita hanisy ratsy Anao izy ireo afa-tsy amin'ireo zavatra efa nosoratan'i Tompo Allah hanjò Anao; efa nampiakarina ny penina, ary efa maina ny takelaka. Ary ao amin'ny fanambaran'i TIRMIZIOU : arovy ireo didin'i Tompo Allah dia ho tojonao manoloana Anao eo Izy; manaova fantatrin'i Tompo Allah Ianao amin'ny fotoan'ny fiadanana dia ho fantany Ianao amin'ny fotoan'ny fahasahiranana. Ary fantaro fa izay voalahatra tsy ho voa Anao dia tsy ho voa Anao mihitsy, ary izay voalahatra ho voa Anao dia tsy handiso Anao mihitsy; fantaro fa ny fandresena dia azo am-piaretana, ary ny vahaolana dia manaraka ny olana, ary misy fahamorana hatrany miaraka amin'ny fahasarotana.

[Mari-pototra] [رواه الترمذي وغيره]

I Ibn A'bbàsy (R.A) dia mitantara fa tamin'ny Izy fony mbola kely nitaingina niaraka tamin'ny Mpaminany (S.W.A), dia hoy Izy Taminy hoe : Hampianatra Anao ireo zavatra izay hanasoavan'i Tompo Allah Anao Aho : Arovy i Tompo Allah amin’ny fitandremana ireo didiny sy ny fisitahana an'ireo fandrarany, mba hahitany Anao ao anatin’ny fankatoavana Azy sy ny fanakaikazana Azy, ary tsy ho hitany mihitsy ao anatin’ny tsy fankatoavana sy ny fahotana. Ary raha hanao izany rehetra izany Ianao dia ny valisoa omeny Anao ny fiarovany Anao amin'ny haratsiana eto an-tany sy ny any ankoatra, ary omeny fandresena amin'ny asa ataonao na aiza na aiza ny toerana halehanao. Raha tia hangataka zavatra Ianao dia aza mangataka afa-tsy amin’i Tompo Allah irery ihany, Satria Izy irery no mamaly ireo mpangataka. Ary raha mila fanampiana Ianao dia mitadiava fanampiana amin’i Tompo Allah.

Ary aoka hanana toky feno Ianao fa tsy hisy fahasoavana ho tonga Aminao, na dia mifarimbona ny hanasoa Anao ny Olona rehetra ambonin'ny tany, dia tsy hisy zavatra azonao afa-tsy izay efa nosoratan'i Tompo Allah ho Anao ihany, ary tsy hisy loza hanjo Anao, na dia nitambatra hanimba Anao aza ny Olona rehetra ambonin'ny tany, afa-tsy izay efa nosoratan'i Tompo Allah hahavoa Anao. Io raharaha io dia nosoratan’i Tompo Allah Ilay Avo avo Tsitoha ary nalahatrany mifanaraka amin'ny fahendreny sy ny fahalalany, ary tsy misy fanovana amin'izay efa vosaoratr'i Tompo Allah. Fa izay miaro an’i Tompo Allah amin’ny alàlan’ny fitandremana ny didiny sy ny fialana amin’ny fandrarany, dia eo anoloan’ny mpanompony i Tompo Allah, Ilay Avo Indrindra, mahafantatra ny toe-javatra misy azy ary manohana azy. Raha mankatò an’i Tompo Allah amin’ny fotoan-tsarotra ny Olona iray, dia homen’i Tompo Allah fanamaivanana sy fivoahana izy amin’ny fotoan-tsarotra. Aoka ny mpanompo tsirairay ho afa-po amin’izay tsara sy ratsy rehetra nataon’i Tompo Allah ho Azy. Amin’ny fotoan’ny fahoriana sy ny fotoan-tsarotra dia tsy maintsy manam-paharetana ny mpanompo, Satria ny faharetana no fanalahidin’ny fanamaivanana. Rehefa mafy ny fahoriana dia avy amin’i Tompo Allah ny fanamaivanana, ary rehefa tonga ny fahasahiranana dia harahin’i Tompo Allah moramora izany.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/66522

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee